# MOFONAINA 19 NOVAMBRA 2024 – 1 Tim 4:11-16

Talata 19 Novambra 2024

## FANDAHARANA

1. **Fiantsoana sy Fiderana**
    - **Soratra:** Salamo 119:97-104
    - **Hira:** 9 – *Ry Tompo Zanaharinay*
    - **Vavaka**
2. **Hira:** 177 (and. 2 sy 4) – *Ry Fanahy Mpanazava…*
3. **Soratra Masina:** 1 Timoty 4:11-16
4. **Hira:** 761 (and. 1) – *Ry Jesoa Zoky Be Fitia…*
5. **Fiaraha-Mandinika Soratra Masina**
6. **Vavaka**
7. **Hira:** 427 (and. 1) – *Ho Vavolombelonao…*
8. **Tsodrano**

## FIARAHA-MANDINIKA SORATRA MASINA

**1 Tim 4:11-16**

---

### 1. NY BOKY

**11. Fandraisan'anjaran'ny tsirairay :**

**12. Fanampiny**

**13. Drafitry ny boky**

---

## 2. FAMARITANA NY TEKSTA SY RAKI-BOLANA

---

## 3. IREO HEVITRA MANAN-DANJA AZO AVOAKA AVY AMIN'NY TEKSTA

**31. Manomeza toromarika mazava sy matotra ary aza mitsahatra mampianatra na dia misy aza ny manohitra**

- **Fanontaniana:** Ahoana no fomba entintsika mampianatra na manome toromarika ny hafa eo amin'ny fiainantsika?
- **Fanazavana:**
  - **Ampianaro (« didaske »):** Mampianatra mazava sy amin'ny faharetana.

**32. Tsy taona no mamaritra ny maha-Kristiana matotra fa ny fomba fiaina sy ny toetra**

- **Fanoharana:** Ny jiro, na dia kely aza, mahavita manazava efitrano manontolo.
- **Fanontaniana:** Manao ahoana ny fijoroanao ho ohatra amin'ny finoana, ny fitiavana, ny fahamasinana, ny fahadiovam-po ary ny teny lazaina?
- **Fanazavana:**
  - **Fianarana (« tupos »):** Modely harahina, ohatra mazava.
  - **Fiteny (« logoi »):** Teny sy ny hevitra fonosiny.
  - **Fitiavana (« agape »):** Fanoloran-tena ho an'ny hafa.
  - **Manao tsinontsinona (« kataphroneito »):** Manambanimbany na manao tsinontsinona.

**33. Ny famakiana sy fianarana ny Soratra Masina no loharanon'ny fitomboana ara-panahy**

- **Fanontaniana:** Hafirina amin'ny 24 ora no atokanao handinihana ny Soratra Masina?
- **Fanazavana:**

        - **Tandremo (« proseke »):** Ataovy lahasa, aoka ho malina.
        - **Famakian-teny (« anagnosis »):** Famakian-teny imasom-bahoaka (Asa 13:15).
        - **Fananarana (« paraklesis »):** Fampaherezana, famporisihana, fananarana avy amin’ny Fanahy Masina.

**34. Ampiasao ny fanomezam-pahasoavana nomen’Andriamanitra anao**

- **Fanoharana:** Ny angovo miafina ao amin’ny vatan’aratra dia toy ny tsy misy raha tsy ampiasaina.
- **Fanontaniana:** Fantaro eo anatrehan’Andriamanitra ny fanomezam-pahasoavana nomeny anao.
- **Fanazavana:**
    - **Aza tsy mitandrina (« amelei »):** Aza adinoina, omeo lanja, aza tsy miraharaha.

**35. Ny zotom-ponao sy ny faharetanao dia haneho ny fandrosoantsika eo anatrehan’ny olona**

- **Fanontaniana:** Efa tsapanao ve ny fandrosoanao ara-panahy amin’ny fotoana toy izao sy ny fanompoana samihafa?
- **Fanazavana:**
    - **Hiseho (« fanera »):** Vakina fotsiny, voavaky eo amin’ny fiainanao ve fa mandroso ianao?

**36. Ny fitandreman-tena hiaina mifanaraka amin’izay hampianarina**

- **Fanontaniana:** Manao ahoana ny fitandremanao mba tsy ho mpitari-bato vilam-bava?
- **Fanoharana:** Tsy mpiantso mpandeha fotsiny ianao fa isan’ny mpandeha koa, tsy mpanera taxi-brousse.
- **Fanazavana:**
    - **Tandremo (« epecho »):** Diniho akaiky, ezaho ary asio tanjona ny fampianaranao (Fil 3:13).